VALANARETINA COVID-19

2 namoy ny ainy, 24 ny tranga vaovao, 59 ny tranga misy fahasarotany

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina coronavirus manerana an'I Madagasikara: 2 no namoy ny ainy, 24 ny tranga vaovao, 59 ny tranga misy fahasarotany. Isan'ny nanaovana fitiliana : 405, nisy tranga vaovao : 24 tamin'ireo nanaovana fitiliana ireo: 13 Analamanga, 5 Matsiatra Ambony, 4 Alaotra Mangoro, 2 Menabe. Ny tranga misy fahasarotana: 59. Ny sitrana ny 22 jona lasa teo : 31. Efa mihoatra ny 900 amin'izao fotoana ny olona lavon'ny covid-19 teto amintsika, hatramin'ny nidirany teto Madagasikara ny volana martsa 2020.

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara.

Stefa

Fiangonan'i Jesosy Kristy ho n'ny Olona Masin'ny andro farany

Nanolotra réspirateur d'oxygène teny amin'ny BNGRC

Mitentina 375 000 Dollars no vidin'ny « Réspirateur d'oxygène » miisa 15, izay natolotry ny fiangonana Jesosy Kristy ho an'ny olona masin'ny andro farany, ho an'ny Ministeran'ny fahasalamana amin'ny alalan'ny Bngrc (Birao nasionaly misahana ny tandindon-doza sy ny loza voajanahary) omaly alarobia maraina, tetsy amin'ny Biraon'ny Bngrc Antanimora, ho fanampiana an'ireo olona manana olana amin'ny fitaovam-pisefoana, nohon 'ny valanaretina « Coronavirus », na aretina hafa eny anivon'ny Hopitalim-panjakana. Nilaza ny teknisinina iray misahana an'ity fitaovana ity, fa hisy ny fanofanana ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana izay hampiasa an'ity « Réspirateur » vaovao izay hiaka farany ity ary azo hampiasaina ho an'ny sokajin'olona rehetra izay manana fetran'ny « Oxygène » ambany, no sady afaka mandray an-tanana ny fisefoan'ny marary iray mandram-pahasitrananany ity fitaovana vaovao ity. Nanamafy ny Jeneraly Elack Olivier Andriankaja, Tale Jeneralin'ny Bngrc, fa amporisihana ny fanarahan'ny vahoaka Malagasy ny fepetra sakana sy ny toromarika omen'ny Ministeran'ny fahasalamana ho fisorohana sy ho famongorana ny valanaretina Coronavirus, indrindra amin'izao vaninandro ririnina izao, mba tsy ho very momoka ny ezaka izay efa niarahana natomboka manoloana ny ady amin'ny fiparitahan'ny valanaretina « Covid Variant » eto Madagasikara. Tsiahivina fa efa betsaka ireo fanampiana natolotry ny fiangonana Jesosy Kristy ho an'ny olona masina ny andro farany ho an'ny Bngrc tany aloha, ao anatin'izany ny fanomezana fitaovana EPI (Aro vava sy akanjo) ho an'ny Ministeran'ny fahasalamana, ireo tolo-tanana nohon' ny fisian'ny Kere sy ny tondran-drano. Nanamafy anefa ny tompon'ndraikitra eo anivon'ny Bngrc, fa ity birao misahana ny tandindon-doza sy ny loza ity irery ihany no nahazo alalana handray sy hizara an'ireo fanomezana atolotr'ireo malala tanana sy ny mpiara miombon'antoka amin'ny fanjakana, ho fanampiana an'ireo traboina manerana ny nosy.

Ireo fitaovana momba ny taovam-pisefoana natolotra ny BNGRC.

Franck Razakambelo

Sakafo Ny Valosoa

Henan ondry saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ireo sakafo tsara hanin'ny mpianatra amin'izao fotoana maha-antomotra ny fanadinana izao

Ireo sakafo tsara hanin'ny mpianatra amin'izao fotoana maha-antomotra ny fanadinana izao indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo sakafo hanampy ny ankizy hanana saina matsilo sy fitadidiana tsara dia mila sakafo sy vatsy ilainy ny atidoha.

Ireto avy ary ireo singa ilain'ny atidoha hampiasa faingana azy sy ireo sakafo mitondra izany :

Omega 3 : zavokà, noix, menaka oliva, menaka colza, atody, trondro saumon, sardine, voam-boatavo maina, sns...

Antioxydants : legioma maitso misy raviny, fraise, framboise, sns...

Vitamine B1 : atody, noix, henakisoa, haricots noirs na tsaramaso maity...

Vitamine B 6 : atikena, ovy, akoho, tsiasisa, trondro thon, voanjo...

Vitamine B 9 : taovan'akoho, soja, voamaina, epinards...

Vitamine B 12 : vokatra avy amin'ny ronono, atody, hena, vorona, sns...

Fer na vy : hena mena, taovankena, legioma maintso, voamaina, voam-boatavo maina, sns...

Ho fanampiny dia araho ireto :

sakafo 3 + gouter 2 isanandro.

rano 2 litra isanandro.

trondro 2 isan-kerinandro farafahakeliny.

Menaka oliva no ampiasana

Ny yaourt, ronono soja, voankazo miloko mena, ary ny noix aza adino...

Mazotoa mihira

Hankalazaina ny sabotsy izao ny fetim-pirenena Malagasy, anisan'ny manakoako hatrany mandritra ny fankalazana izany tsingerin-taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara izany ity hira fitiavana ny tanindrazana ity, hiran'i Ludger Andrianjaka : Nosy Tanindrazako. Koa dia mazotoa mihira ary e !

Nosy tanindrazako

Mpihira : Ludger Andrianjaka.

Nosy tanindrazako
Izay navelan'ny razako
Afoiko ho anao ny rako
Ry Madagasikarako

Ranomasina no valam-parihy
Mamefy ny foko rehetra hifankatia
tsy hampisaraka ny Malagasy miaraka

Andriamanitra ô! Mitahia
'Ty taninay ity
Tany izay nomenao ho anay
Lovan'ny taranakay

Madagasikara ho an'ny malagasy
Malagasy kosa ho an'i Madagasikara

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antanimbaribe any amin'ny distrikan'i Kandreho, faritra Betsiboka

Ny tanànan'Antanimbaribe any amin'ny distrikan'i Kandreho, faritra Betsiboka indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanimbaribe, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Kandreho ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany. Mpiompy omby koa ny any Antanimbaribe.